FANAMBARANA SY TSINDRIMANDRY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA



Lesona 5
hatao ny 31 Oktobra, 2026

"Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana; ary naniraka ny anjeliny Izy hanambara amin'i Jaona mpanompony, izay nanambara ny tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany" (Apokalypsy 1:1-2)



Ahitana ohatra iray ny amin'ny fomba anambaran'Andriamanitra ny hafatra ho antsika amin'ny alalan'ny mpaminany ny Apokalypsy 1:1-2:

Manambara ny hafany amin'i Jesosy Andriamanitra → Manambara ilay hafatra amin'ny anjely i Jesosy → Manambara ilay hafatra amin'i Jaona mpaminany, ny anjely → Nandrakitra an-tsoratra ny hafatra azo i Jaona




Fa tsy izany ihany no fomba anambaran'Andriamanitra ny tenany amin'ny mpaminany, na koa hoe hany fomba tokana fampitana ny hafatra avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny mpaminany. Hianarantsika ireo fomba maro samihafa nanambaran'Andriamanitra ny tenany tamin'ny mpaminany sy ny nanomezany azy ireo tsindrimandry.



- Fanambarana sy tsindrimandry avy amin'Andriamanitra:
  - Fanambarana ankapobeny sy fanambarana manokana
  - Ny momba ny tsindrimandry
- Ireo karazana fampitana ny faminaniana:
  - Hafatra am-bava
  - Hafatra an-tsoratra
  - Fanehoana ohatra mivaingana, tandindona, fanoharana



FANAMBARANA SY TSINDRIMANDRY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA



FANAMBARANA ANKAPOBENY SY FANAMBARANA MANOKANA

"Ny lanitra mitory ny voninahitr'Andriamanitra; ary ny habakabaka manambara ny asan'ny tànany" (Salamo 19:1)


"Raha misy mpaminanin'i Jehovah eo aminareo, dia amin'ny fahitana no hisehoako aminy, ary amin'ny nofy no hitenenako aminy" (Nomery 12:6)



Lazain'i Paoly fa ireo izay mandà ny fisian'Andriamanitra dia "tsy manan-kalahatra," satria ny zavaboary dia manambara "ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah'Andriamanitra Azy" (Rom. 1:20; Sal. 19:1).

Hitantsika amin'ny alalan'ny hery mamerina amin'ny laoniny ao amin'ny zavamanan'aina ny fahitan'Andriamanitra mialoha ny fidiran'ny fahotana. Rehefa maratra isika, dia manomboka avy hatrany ny fanasitranana sy famerenana amin'ny laoniny ny sela. Ary efa vonona avy hatrany ny asa famerenana amin'ny laoniny na mbola tsy misy ratra akory aza!

Saingy, hatramin'ny fahalavoan'i Adama sy Eva, dia ahitana vokatry ny fahotana ihany koa ny zavaboary (fihazan'ny mahery ny kely noho izy, horohoron-tany, ...)



Noho izany antony izany, dia nampiasa fomba mivantana kokoa Andriamanitra mba hanambarana ny tenany: fanambarana manokana amin'ny alalan'ny mpaminany sy Jesosy Kristy, ary voasoratra ao amin'ny Baiboly izay Tenin'Andriamanitra (Heb. 1:1-2).



NY MOMBA NY TSINDRIMANDRY

"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana" (2 Timoty 3:16)



Nandritra ny taonjato maro, dia am-bava no nampitana ny asa sy ny hafatra avy tamin'Andriamanitra, mandrapaha-tonga ny fotoana izay nanomezan'Andriamanitra tsindrimandry an'i Mosesy hitahiry an-tsoratra ireo asa ireo sy izay lazainy.



Nanomboka teo, dia notehirizin'ny olona izay nahazo "tsindrimandry", izany hoe notarihin'ny Fanahy Masina, an-tsoratra ny hafatra izay tian'Andriamanitra hotehirizina (2 Petera 1:21). Izany no mahatonga ny Baiboly ho boky miavaka: mirakitra ny fanambaran'Andriamanitra rehetra.

Toy ny ahoana ny fomba nanomezana ny tsindrimandry?



Amin'ny alalan'ny fahitana sy nofy (Nomery 12:6)



Amin'ny alalan'ny fanandraman'ny tena manokana (1 Jaona 1:3)



Amin'ny alalan'ny fikarohana ara-tantara (Lio. 1:3)



Amin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina ao amin'ny saina (2Pet. 1:21)








IREO KARAZANA FAMPITANA NY FAMINANIANA

HAFATRA AM-BAVA

"Ary ny mpanjaka nametraka ny Levita tao an-tranon'i JEHOVAH hitondra kipantsona sy valiha ary lokanga, araka ny didin'i Davida mpanjaka sy Gada, mpahitan'ny mpanjaka, sy Natana mpaminany; fa izany no didin'i Jehovah nampitondrainy ny mpaminaniny."
(2 Tantara 29:25)

Niteny mivantana tamin'ny olombelona Andriamanitra tamin'ny fotoana efatra:



Tamin'i Adama sy Eva (Gen. 2:16-17)



Tamin'ny nanomezana ny didy 10 (Deo. 4:12)




Tamin'ny batisan'i Jesosy (Mat. 3:17)



Tamin'ny fiovan-tarehy (Marka 9:7)

Ho an'ireo mpaminany, izay nampita am-bava ny teny avy amin'Andriamanitra, dia nilaza mazava: "Izao no lazain'i Jehovah" (Mpits. 6:8). Ireny hafatra ireny—toa ny an'i Noa ohatra—dia tsy noraketina an-tsoratra mandrakariva.



Misy mpaminany maro izay fantantsika ny teny nolazain'izy ireny amin'ny alalan'ny soratra nataon'ny hafa, ary mitovy fahefana amin'ireo hafatra voarakitra an-tsoratra ihany izy ireny. Anisan'izany i Natana, Elia, i Elisa ary Jaona Mpanao batisa.





HAFATRA AN-TSORATRA

"Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: "Soraty eo amin'ny boky izany ho fahatsiarovana' " (Eksodosy 17:14a)

Inona no antony sasany nahatonga an'Andriamanitra hanapa-kevitra handrakitra an-tsoratra ny hafatra avy Aminy?

- Ho fahatsiarovana ilay toe-javatra (Eks. 17:14)
- Ho fampianarana antsika (Mpitt. 12:10)
- Ho fanasana antsika hibebaka (Jer. 36:2-3)
- Ho ohatra halain-tahaka ho antsika na hohalavirina (1 Kor. 10:11)
- Mba ahafantarantsika ny ho avy (Apok. 1:19)



Ao amin'ny Baiboly, dia maneho ny fihetsehampo maha olombelona azy, sy ny an'ny olona hafa ny mpaminany. Ahitana tonokalo, fitantarana, ary koa toriteny voasoratra ao. Indraindray, dia misy fomba fiteny nalaina avy tamin'ny mpanoratra tsy ao amin'ny Baiboly na koa didy navoakan'ny mpanjaka jentilisa.

Na izany aza, dia tsy misy ambaratonga amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly. Na toriteny, na toe-javatra, na faminaniana no lazainy, dia samy avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra avokoa, ary nampitaina am-pahatokina mandritra ny vanim-potoana ny hafatrany (2 Tim. 3:16-17).

FANEHOANA OHATRA MIVAINGANA, TANDINDONA, FANOHARANA

"Efa niteny tamin'ny mpaminany koa Aho, sady Izaho no nahabetsaka ny fahitana, ary ny mpaminany dia nampilazaiko ohatra" (Hosea 12:10)





Akoatry ny fitantarana, ny ohabolana sy haiteny, ny tonokalo, ary ny lahateny, dia ahitana fampitana hafatra amin'ny alalan'ny fanehoana ohatra mivaingana, sary an'ohatra ary fanoharana maro ny Baiboly.

Ezekiela 4:1-8. Nasain'Andriamanitra nanao sarin'i Jerosalema i Ezekiela mba hanehoana fahirano sy ny fahalavoan'ny tanana.



FANEHOANA OHATRA MIVAINGANA



Hosea 1:2-9. Nanome baiko an'i Hosea Andriamanitra hanambady vehivavy janga iray mba hanehoana ny tsy fahatokian'ny Isiraely.

1 Mpanjaka 20:37-42. Nisy mpaminany iray niteny tamin'ny mpaminany iray hafa mba hamely azy ho toy ny naratra an'ady izy mba hananarana ny fahotan'i Ahaba.





Jeremia 13:1-11. Noho ny baikon'Andriamanitra, dia nividy fehin-kibo i Jeremia ary nanafina azy. Taty aoriana, nasain'Andriamanitra nalainy iny mba hanehoana ny toe-panahin'i Jerosalema.

FANEHOANA OHATRA MIVAINGANA, TANDINDONA, FANOHARANA

TANDINDONA



Eksodosy 25:8. Ny mpisorona, ny fitoerana masina, ary ny fanompoana natao tao dia tandindona manazava antsipiriany ny Drafi-panavotana.



Apokalypsy 13:2. Mampiasa tandindona (toy ny bibi-dia, tandroka, ...) ny Daniela sy Apokalypsy hanehoana zava-misy ara-tantara.



Jaona 15:1. Nampiasa tandindona, toy ny fahazavana, ny voaloboka, ny mpiandry tsara... i Jesosy hanazavana ny iraka nanirahana Azy





FANOHARANA

Isaia 5:1-7. Mampiasa fanoharana ny mpaminany hanaovana antso ho an'ny olona mba handini-tena ny amin'ny toe-panahiny.

Matio 13:5. Nampiasa fanohatana maro Jesosy hampianarana fahamarinana ara-panahy.

“Ny fanambaran'ny Baiboly ny fahamarinana dia amin'ny fomba tsotra sy antonona indrindra ny fon'olombelona ka sady efa nahagaga sy nahafaly ny olona ambony indrindra izany no nahitan'ny ambany indrindra sy ny kely fahalalana ny lalam-pamonjena. [...] Toy izany no nampibaribary ny drafi-panavotana eo anoloantsika, mba hahitan'ny olona rehetra izay tokony hataony amin'ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsika, ka haha-voavonjy azy araka ny fomba voatendrin'Andriamanitra. [...] Arakaraka ny habetsahan'ny fandinihana ny Baiboly no mainka mampiaiky fa tenin'Andriamanitra velona izy, ary ny fiheveran'olombelona dia miondrika eo anoloan'ny fahalehibeazan'ny fanambaran'Andriamanitra.”

EGW (Ny Dia ho eo amin'i Kristy, p. 123)

FANAZAVANA FANAMPINY: NY TENIN'I ELLEN G. WHITE MOMBA NY FANAMBARANA SY NY TSINDRIMANDRY



Nahazo tsindrimandry avy amin'Andriamanitra i Ellen White. Ny asa sorany sy ny fiainany ary ny fanompoany dia samy mifanaraka amin'ireo fepetra mampiavaka ny mpaminany marina. Nananany ny toetoetry ny tsindrimandry izay nananan'ireo mpaminanin'ny Baiboly, na dia tsy nihevitra velively aza izy fa mitovy amin'ny Soratra Masina ny asa sorany. Nasandratrany mandrakariva ny Baiboly ho toy ny fanambaran'Andriamanitra manam-pahefana sy tsy mety diso. Fantany fa momba ny tsindrimandry dia miara-miasa Andriamanitra sy ny olombelona. Andriamanitra no manome hafatra, ary ny mpaminany no mampita izany toromarika avy amin'Andriamanitra izany amin'ny alalan'ny fiteniny manokana. Takany fa ny hevitra avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia firaisan'ny fanambaran'Andriamanitra sy ny fanandraman'olombelona.



Nomarihany fa tsy avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra avokoa tsy akory ny fanandramana rehetra niainany sy ny teny rehera voalazany. Zava-dehibe ny fahatakarana izany fiavahana izany rehefa mamaky sy mandinika ny asa sorany sy ny fanandramany isika, indrindra ireo taratasy nosoratany manokana sy ny diariny.



